# COMMUNIQUE

## VOKATRA NY FIFANITSANANA NY TOMPON-DAKA NY AFRIKA AMIN'NY TARANJA TSIPY KANETY BE TANY LOME, TOGO

Miarahaba ny Malagasy rehetra,

Fisaorana no atolotray delegasiona, ny Ministeran'ny Fanatanjatena sy ny Tanora Malagasy, ary ianareo mpanotrona sy mpakafy rehetra nanome hery anay aty an-tany lavitra aty teo ampanatotosana ny fifanitsanana ny tompon-daka ny Afrika. Isaorana manokana ireo mpikambana ao amin'ny FSBM sy ny mpilalao ary ireo nalala-tanana rehetra nanampy ara materialy, nahatongavanay taty Togo ka nahafahana nanatateraka ny laharam-pahamehana izay hahafahan-tsika hadray anjara amin'ny fifaninana ny tompon-daka era-tany izay atao any Suisse, Lausagne amin'ny 2020. Ialan-tsiny ihany koa ny tsy fahafahanay nampita vaovoa nivatana ho anareo noho ny fifandraisana tena sarotra aty.

Ny voka-dalao moa dia resy teo amin'ny dingana ampahefa-dalana isika Malagasy tamin'ny "tir de precision" sy tamin'ny olo-telo miaraka tamin'ny fifanitsanana ny tompon-daka ny Afrika, ary nahazo volohany ny "Coupe des Nations" ny Afrika isika teo amin'ny olo-telo miaraka. Izahay aty an-toerana dia nahatsapa fa tena nanao ezaka lehibe tokoa izy efatra mirahalahy nisolotena ny Malagasy ary nampiseho fa tena mendrika azy ireo no niady ny voninahim-pirenena. Na dia tsy nahatontosa hatramin'ny farany aza noho ny faha-fohizan'ny fotoana tsy nahafahana nanomana ara-batana sy ara-moraly. Marihana fa herinandro fotsiny no nanomanan'ny FSBM ny fitadiavana ny fanampiana ara-materialy, ny fikarakarana ny antota taratasy sy ny fanomanana ny mpilalao handeha hisolotena any Togo.

Mangataka ny Ministeran'ny Fanatanjatena sy ny Tanora Malagasy izahay FSBM mba hanomezana ny taratasy ofisialy ahafahan'i FSBM handray andraikitra feno hitatanana ny tsipy kanety be Malagasy amin'ny dingana rehetra izay ho atao eto Madasikara. Io taratasy io dia hahafahana manomana ny calendrier sportif ho any 2019 sy 2020, hanomanana ireo mpilalao Malagasy, fa indrindra hanomanana ny fifanitsanana ny tompon-daka era-tany eo anivon'ny vehivavy sy ny "juniors" atao amin'ny volana Novambra 2019. Hahafahan'ny "Clubs" sy ny "Sections" ary ny "Ligues" hiditra ho mpikambana ao amin'ny FSBM.

Roa volana izao no nitatanan'i FSBM ny taranja ny tsipy kanety be Malagasy, dia vonona izahay hamerina ny voninahim-pirenena sy ny lazan'ny Malagasy amin'io taranja io ary manome toky ny mpankafy sy ny vahoaka Malagasy rehetra.

Mangataka tso-drano ny mpitondra Malagasy ny FSBM hahatontosa ara-dalana sy ampemendrehana ny fitatanana.

President FSBM
Dolys Randriamarohaja

FEDERATION SPORT
BOULES MALAGASY